


# Valiny momba ny tempoly

## Toy ny ahoana ny ao anatin'ny tempoly?



Ny tempoly dia tranon'ny Tompo. Madio sy tsara tarehy ny ao anatin'izany. Ny olona rehetra dia manao akanjo fotsy ary miezaka ny maneho fanajana. Toerana feno fiadanana mba hitsaohana sy hianarana ary hahatsapana ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany.



## Inona no ataon'ny olona ao anatin'ny tempoly?

Mianatra mikasika ny drafitr' Andriamanitra ary manao **fanekempihavanana** Aminy isika ao amin'ny tempoly. Ataontsika izany amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ireo **ôrdônansy** toy ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ary ny famehezana antsika amin'ny fianakaviantsika.



## Inona no akanjo hanaovako rehefa mandeha any amin'ny tempoly aho?



Tokony hanao ny akanjonao tsara indrindra ianao rehefa mandeha any amin'ny tempoly. Rehefa tafiditra ao anatiny ianao dia hanao akanjo miavaka mba hanatanterahana ôrdônansy. Ho an'ny batisa, ireo mpiasa ao amin'ny tempoly dia hanome anao akanjo tohitena fotsy mba hanaovana.

SARY NATAON'I SIMINI BLOCKER

## Inona no dikan'ny hoe manao batisa ho an'ny maty?

Ao amin'ny tempoly, ianao dia azo atao batisa ho an'ireo olona efa maty nefa tsy vita batisa. Hanao akanjo fotsy ianao halentika (atsoboka tanteraka) ao anaty rano.



## Inona no atao hoe fahazoan-dalana hidirana ny tempoly




Ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly dia taratasy kely iray izay manome fahafahana anao hiditra ao amin'ny tempoly. Afaka mahazo iray avy amin'ny mpikambana iray ao amin'ny episkôpà na ny fiadidian'ny sampana misahana anao ianao. Hanontany anao izy raha mitandrina ireo didy ianao ary raha manana fijoroana ho vavolombelona ianao. Raha toa ianao ka mendrika sy vonona ny hiditra ny tempoly dia hanome fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ho anao izy.

### INONA NO ATAO HOE ÔRDÔNANSIN'NY FISORONANA?

Ny ôrdônansin'ny fisoronana dia zavatra atao izay masina ary tanterahina amin'ny alalan'ny fahefana sy hery avy amin' Andriamanitra. Ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ary ny fanasan'ny Tompo dia ôrdônansy izay mitranga any ivelan'-ny tempoly. Ny batisa, ny fanafiana masina, ary ny famehezana izay atao any amin'ny tempoly dia ôrdônansy izay mitranga ao anatin'ny tempoly.








### INONA NO ATAO HOE FANEKEMPIHAVANANA?

Ny fanekempihavanana dia fampanantenana ifanaovantsika amin'ny Ray any An-danitra. Misy zavatra ampanantenaintsika Azy ary mampanantena ny hiaraka amintsika sy hitahy antsika Izy.